

NDEHA HO FOHAZINTSIKA NY MAZAVA ANTSINANA E

Nosy maintso no anarako fahiny ary tsy vitsy ireo te honina hitoetra ao amiko!

Nanintona ny be sy ny maro ny endriko satria tsara tarehy hono ka maha te -ho tia, valan-javaboaary midadasika, azo sarobidy, biby isak-karazany maro tsy fahintana maneran-tany afatsy ato amiko irery! Fa nomeko anao ry Malagasy, enao no nolidiko honina sy hanjaka ny amiko rehetra; hianonka ny voka-tsoa hananak.

Mba ahafanao sy ny taranakao miaina ankalalahana dia nanaiky ny tianao rehetra aho, nioty sy nihaza ireo izay noheverinao fa metyahasoa ahy koa, dia ripaka ny ala, nodoranao ny tanety nodoranao fa izay angamba no hitanao fa mety.....

Dia nakaizy ny hazo sarobidy?? Narovanao ve ny ireo biby tsy fahita afa-tsy eto amintsika..... Izy ireny dia nahondrana antsokosoko tsy mba ho tombosoan'ny maro anisa fa an'olom-bitsy

Indrisy ry Malagasy tiako

Efa nisy taty aorianana ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izay niovaova ny fizarany fa ankehitriny izy dia nizara efatra araky ny lalam-panorena 2010 dia ny: kaominina, Faritany (region), faritany (pronvince).

Mbola ianao ihany ry Malagasy no nametraka sy maritra ireo ary nofehezinao anaty lalana 2014-020 tamin'ny 20 septambra 2014 ny fizotry ny fitantana ny raharaha sy ny fandrindrana eo aniovon'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ireo!

Fa tena mahaleo tena tokoa ve?? Ny filan-kevitry ny kaominina sy ny faritany tokoa ve no narahinao?? Mba tena izy ireo ve no misahana ny raharaha hampiroborobo na ny ara-toe karena, sosialy, sy ny fari-piadicidiny mba hisian'ny fampandrosoana ifotony??

Eny re, ry Malagasy tiako mbola maro ny zavatra mila ahitsy eto amin'ity firenena malalanao ity,

Ny lalana mifehy ny teti-bolam-panjakana momban'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy dia mila fanovana satria, io no afaka mampitombo ny fiarovana ny valan-javaboaary, manampy anao hamerina indray ny hatsarako! Nefa dia 1,16 % no atokanao ny amin'izany! Aiza anefa ianao no miaina raha maloto sy tsy voakolo ny tontolo iainanao??

Tadidio anie e, fa raha 'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ireo no tena izy, antokin'ny fandrosoanao sy izaho izany! Omeo fahaleovan-tena amin'ny fanapahan-kevitra,

fitantanana-draharaha izy ireo dia ho hitanao eo anie e!

Mahatoky ny fahendrena izay notazaiko anao aho, handray ny anjara tandrify enao amin'izay nolazaiko taminao! Arovy ny tontolo iainantsika omeo ny lanjany ny vondrom-bahoakam-paritra intsinjaram-pahefana.

Tsy inona.akory ilay "MAZAVA ANTSINA HOFOAZINTSIKA" fa dia ny FANDROSOANA amin'ny lafiny rehetra.

Ka mba saino ihany.....

Aina Herisoa